Mankalaza ny Fahamasinana – Votoatin’ny tori-teny mikasika ny vavaka sy ny fifadian-kanina

Vavaka sy Fifadian-kanina – Ny Mpialoha lalana amin’ny Fifohazam-panahy ho amin’ny Fahamasinana

Soratra Masina: Joela 2:12-17

Ity tori-teny ity dia maneho fa avy amin’i Jehovah ny fifohazam-panahy ho amin’ny fahamasinana vokatry ny vavaka sy fifadian-kanina maro nataon’ny olon’Andriamanitra. Tokony hamporisika ny Nazareana rehetra maneranan’i Afrika handray am-pahamatorana ny andraikitsika hanatanteraka vavaka misy lanjany sy fanoloran-tena amin’ny fifadian-kanina izany.

Fanamarihana: tokony famelabelarana ny tontolo manodidina ity andalana ity no ataon’ny mpitori-teny fampidirana ny lahatsoratra

Fampidirana:

Nisy lozam-balala be sy hai-tany namely ka nandrava an’i Jerosalema sy Joda. Noraisin’i Joela mpaminany ho mariky ny “andron’i Jehovah izay lehibe sy mahatahotra indrindra” izany loza nanjo izany (Joela 2:11). Eo anivon’izany fahoriana izany izy dia miantso ny tsirairay hibebaka: dia ny antitra sy ny tanora (1: 2-3), ny mpimamo (1:5), ny mpamboly sy mpiompy (1:11) ary ny mpisorona (1:13). Resahina toy ny tafik’i Jehovah ny valala, tandidon’ny andro izay hitsarana ny Isiraely tsy mahatoky noho ny otan’izy ireo. Mampanantena amin’ny alalan’ny Mpaminany Andriamanitra fa hiseho aorian’io fitsarana io ny famerenana amin’ny laoniny sy ny fitahiana raha tena mibebaka marina ny Isiraely.

1. **Mitondra fitsarana mandrakariva ny fahotana**
    a. Nahafoy an’Andriamanitra ny mponina tao Joda:
        1) Miantso azy ireo hiverina Jehovah (2:12,13)
        2) Resy tory izy ireo ka tsy niambina ny fiainany ara-panahy (1:3)
        3) Nataony alohan’ny fahasalamany ara-panahy ny filany ara-nofo
            a) Nantsoina hoe “mpimamo” sy “mpisotro divay” izy ireo (1:5)
            b) Ny fahafinaretana no mandeha alohan’ny fanoloran-tena ho an’Andriamaniny
    b. Notsarain’Andriamanitra i Joda sy Jerosalema noho ny tsi-fahatokiany:
        1) Nandefa tafi-balala Jehovah hanimba ny tany (2:11)
        2) Tapaka tanteraka ny famatsiana ara-tsakafon’izy ireo (1:16,17)
        3) Nesorina tsy ao an-tranon’i Jehovah intsony ny fifaliana sy ny firavoravoana (1:16)
    c. Fitsarana mandrakariva no manaraka ny ota:
        1) Ny lalam-pitahiana sy ozona ao amin’ny Testamenta Taloha (Deoteronomia 11:26-28)
        2) Ny Lalan’ny Ota sy ny Fahafatesana ao amin’ny Testamenta Vaovao (Romana 6:23)

d. Ohatra maneho ny Ota sy ny Fitsarana Ankehitriny:
    1) Ohatra amin'ny mariky ny fitsaran'Andriamanitra eo amin'ny fiarahamonim-piangonana
    2) Ohatra-na-fahotana fahita ao amin'ny fiangonana sy ny fiarahamonina (tsy tokony hanondro olona na toe-javatra manokana ny mpitandrina rehefa mampiharihary ota)
    3) Ny tsy fisian'ny voninahitr'Andriamanitra ao amin'ny Fiangonana
e. Fampitandremana ny amin'ny loza mitatao raha tsy hatao araka izay tokony hanaovana azy ny ota

2. Fiantsoana fibebahana amin'ny alalan'ny Vavaka sy Fifadian-kanina (2:12-17)

a. Fibehan'ny fiarahamonina:
    1) Miverena amiko amin'ny fonareo rehetra (1:12,13)
    2) Tsy maintsy marina sy ao anaty ny fibebahana, fa tsy ety ivelany. "Ary fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo" (2:13)
        a) Tokony hanome ohatra maneho ny fibebahana ivelany miseho ankehitriny ny mpitori-teny ka mampiseho ny fanamelohan'ny andalana izany karazam-pibebahana izany
b. Vavaka ataon'ny Fiarahamonina
    1) Andeha mitaraina amin'i Jehovah (1:14)
    2) Miverena amin'i Jehovah amin'ny fonareo rehetra (2:12)
    3) Mangataha fanafahana – " ... Iantrao ny olonao, Jehovah o" (2:17)
    4) Ampiraiso ao anaty vavaka feno hafanam-po mangataka ny fankasitrahana sy ny fanatrehan'Andriamanitra ny olona
        a) Miantsoa fivoriana masina (1:14; 2:15,16)
        b) Antsoy ny loholona sy izay rehetra monina ao amin'ny tany (1:14)
        c) Ampidiro ny ankizy, eny na dia izay vao nivady aza (2:16)
    5) Tokony fikatsahana an'Andriamanitra fa tsy fikatsahana laza ny vavaka (Matio 6:1-14)
c. Fifadian-kanin'ny fiarahamonina
    1) Tsofy ao Ziona ny anjomara ary manamasinà andro fifadian-kanina (1:14; 2:15).
    2) Mariho fa toro-marika ho an'ny fifadian-kanina sy fanoloran-tena hanao fivavahana iombonana no hita ao amin'ity lahatsoratra ity. Asongadino fa ny Soratra Masina nomena ao amin'ny B4 etsy ambony dia miantso ny vondrona ara-pivavahana iray manontolo hifady hanina sy hivavaka
    3) Ny fifadian-kanina (izay ampiarahina amin'ny fo triatra) dia mariky ny fibebahana sy fanetre-tena, ary maneho fiankinana tanteraka amin'Andriamanitra. (Matio 6:16-18)

3. Ny ataon'Andriamanitra manoloana ny tena vavaka sy fifadian-kanina ao anaty fibebahana marina

a. Avadik'Andriamanitra fitahiana ny ozona (2:13 sy II Tantara 7)
b. Lasa saro-piaro sy miaro ny Olony Andriamanitra (2:18,25)
c. Mameno ny filan'ny olony izay mitodika Aminy Andriamanitra (2:19, 26).
d. Manatrika ny Olony sy ao anatin'ny Olony Andriamanitra (3:1-5; 3:16)
e. Mariho ny fiatombohan'ny andininy 2:16 sy ny 3:28.
    1) 2:12 – "Koa na dia ankehitriny aza" (ANKEHITRINY mibebaha sy mifadia hanina ary mivavaha)
    2) 3:1 – "Ary rehefa afaka izany" (REHEFA AFAKA IZANY, dia handatsaka ny Fanahiko Aho)

3) Nampanantena Andriamanitra fa raha katsahintsika amin'ny fontsika manontolo Izy, dia ho hitantsika (Matio 5:6,7; Lioka 11:5-13)

f. Mariho koa fa mamerina io andalana io Petera tamin'ny andron'ny Pentekosta, ka nilaza fa izay niseho tamin'ny Pentekosta no naminanian'i Joela ao amin'ny Joela 3:1-5 (Jereo Asa 2:16-21)
   1) Niresaka mikasika ny fandatsahan'i Jehovah ny Fanahiny vokatry ny vavaka sy fifandian-kanina marina sy amin-kafanam-po ataontsika ny mpaminany Joela
   2) Nampiraisin'ny Apostoly Petera amin'ny zava-miseho ao amin'ny Testamenta Vaovao ity fampanantenan'i Joela ity

4. Fampiharana ny hafatra amin'ny Fiangonana aty Afrika ankehitriny

a. Ny Tanjona sy vinantsika fototra ho an'ny Fiangonan'ny Nazareana aty Afrika dia ny hiaina fifohazam-panahy ho amin'ny fahamasinana manokana sy iombonana (Filatsahan'ny Fanahiny amintsika).
b. Mifantoka amin'ny fifohazam-panahy ho amin'ny fahamasinana ny hetsika ataon'ny faritra ankehitriny
c. Natao hampikoriana fifohazam-panahy ho amin'ny fahamasinana ny votoatin'ny tanjontsika
d. Ny tena ilaintsika aty Afrika indrindra dia ny miaina ny filatsahan'ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny Fiangonana

Famaranana:

Ao amin'ny fiangonantsika manerana ny Faritr'i Afrika ankehitriny, dia antsoina ny antitra sy ny tanora, ny lahy sy ny vavy; ny mpikambana sy ny mpiangona rehetra mba iombona amin'ny fotoam-pifadian-kanina sy vavaka ho an'ny famelana ny otan'ny tenantsika, famelana ny fiangonana, ary ny fiarahamonina misy antsika, sady iombona amin'ny fotoana fikatsahana an'Andriamanitra amin'ny fontsika rehetra

Mandritra ny Fotoanan'ny Karemy iray manontolo, izany hoe manomboka ny Alarobian'ny Lavenona, 22 Febroary 2012 ka hatramin'ny Alahadin'ny Paska, 8 Aprily 2012, dia iombona ao anatin'izany fotoam-bavaka sy fifadian-kanina izany ny Fiangonan'ny Nazareana

Hanana fotoana manokana hampianatra momban'ny vavaka sy fifadian-kanina isika ary efa nametraka fotoam-pifadian-kanina, fotoana manokana, ary sakafo manokana mba hiarahan'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana mivavaka sy mifady mba hitondran'Andriamanitra fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana eo amin'ny fiangonantsika sy ny Nazareana rehetra manerana ny Faritr'i Afrika. (Ampiasao miaraka amin'ny Fandaharam-bavaka ny toro-lalana ho an'ny vavaka sy fifadian-kanina mba hamantarana ny toerana, ny olona ary ny filana manoka mila entina am-bavaka mandritra ity fanindriana ny fifadiana sy vavaka ity).

Anontanio ny mpiangona hoe: Vonona ny hivavaka sy hifady hanina ho an'ny tenantsika, ny ankohonantsika, ny firenentsika, ny kaontinantantsika, ary ny vahoakantsika ve isika?

Miray feo miteny amintsika i Joela mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha sy ny apostoly Petera ao amin'ny Testamenta Vaovao androany hoe: "Katsaho amin'ny fo

torotoro amin'ny alalan'ny vavaka sy fifadian-kanina ny Tompo, dia handatsaka ny Fanahiny amintsika, eto Afrika sy manerana izao tontolo izao izy anio!

FANAMARIHANA HO AN'NY PASITERA: Taomy hifady hanina mandritry ny telo andro farafahakeliny ny fiangonana iray manontolo.
Farito mialoha ny andro hanaovana an'io fifadiana io ary lazao androany miaraka amin'ity tori-teny ity.

- Ireo izay afaka sy tsy manana olana ara-pahasalamana dia tsy hihinana na hisotro (afa-tsy rano) mandritry ny telo andro
- Ireo izay manana olana ara-pahasalamana kosa dia hijery fomba hafa nefa misy lanjany hifadiana, ohatra tsy mihinana afa-tsy indray mandeha isan'andro mandritra ireo telo andro, na araka izay vita.

Nosoratan'i Rev Howie Shute

Mankalaza ny Fahamasinana –Votoatin'ny Tori-teny mikasika ny vavaka sy fifadian-kanina

Raha ny Oloko

Soratra Masina: II Tantara 7:11-16
Andininy: II Tantara 7:14

Fampidirana:
Ity tori-teny dia maneho fa mahafoy be isika ho an'ny zavatra izay tiantsika eo amin'ny fiainantsika. Saika hataontsika mihitsy ny zavatra rehetra hahazoana ireo zavatra tiantsika. Tsy tokony ho vonona bebe kokoa hahafoy izay ilaina hafoy koa ve isika hahazoana ny fitahiana sy ny hosotra ara-panahy avy amin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika sy ny Fiangonana? Ity tori-teny ity dia haneho fa tena mila fifohazam-panahy isika, ary manainga antsika izy hameno ireo fepetra napetrak'Andriamanitra hisehoan'ny fifohazam-panahy eo amin'ny fiainantsika sy eo amin'ny fiangonantsika ankehitriny. Haseho fa fepetra izay hahatonga an'Andriamanitra hiasa eo amin'ny fiainantsika, eo amin'ny fiangonantsika, eo amin'ny fiarahamonintsika, ary maneranan'i Afrika ny Vavaka sy Fifadian-kanina.

1. Ohatra fanokafana

a. Mampiasà ohatra avy amin'ny fiainanao taloha izay maneho fitiavana iray nanananao. Ohatra fotsiny ihany ny ohatra manaraka hampitana ny karazan'ohatra hahafahana mampita ny tori-teny

Ohatra:

Fony aho tany amin'ny ambaratonga faharoa, dia tia "lacrosse", fanatanjahan-tena nolalaovin'ireo Indiana Amerikana tany Etazonia tany am-boalohany. Io zavatra lehibe indrindra teo amin'ny fiainako. Tiako ho izaho no mpilalao "Lacrosse" mahay indrindra tao amin'ny ekipako sady mpilalao mahay indrindra tamin'ireo mpifaninana tamin'ny sekolinay rehetra. Nanazatra tena mafy kokoa noho ny hafa tao amin'ny ekipako aho. Nizatra nanipy baolina tamin'ny toerana iray manokana aho rehefa alina mandrapaha-voafehiko izany. Taritin'ny namako hanao zavatra miaraka amin'izy ireo aho rehefa hariva sy faran'ny herinandro, saingy nanda matetika fa naleoko nanaza-tena tamin'ny fanipazana baolina. Nilofo ho tonga lafatra aho. Ningitrika mihitsy aza aho hanao fanazaran-tena raha nianatra tany am-pianarana kosa ireo mpiara-milalao amiko. Vonona ny hahafoy izany nilaina nafoy aho mba hanatratrarako ny tanjoko ho lasa mpilalao "lacrosse" mahay indrindra ao

amin'ny ekipako sy ny ekipa hafa rehetra. Izany no fiainako fony aho tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa. Tena tiako ny "lacrosse".

Nampatsiahivin'ny Tompo ahy matetitetika ny fitiavako "lacrosse" tamin'ireny fotoana ireny, ary nomeny fanamby hanana izany fitiavana izany ho an'ny zava-panahy. Nomeny fanamby manokana aho hikatsaka fifohazam-panahy, amin'ilay karazam-pitiavana izay nananako ho an'ny fanatanjahan-tena, eo amin'ny fiainako sy ho an'ny Fiangonana. Saika nataoko ny zava-drehetra hahatonga ahy ho mpilalao mahay indrindra amin'ny "lacrosse". Nanontany ahy ny Tompo hoe: "Inona no ekenao hatao hahitanao fifohazam-panahy manerana ny Fiangonana sy hampahafana ny fonao sy ny dia Kristiana tanterahinao?"

b. Omeo fanamby ny mpiangona:
   1) Hieritreritra ny zavatra tia indrindra eo amin'ny fiainana ary haneho taratra ny zavatra ekeny hafoy ho an'izany fitiavany izany;
   2) Apetraho ny fanontaniana hoe: "hatraiza ny fahavononanao hahita fifohazam-panahy eo amin'ny fiainanao sy eo amin'ny Fiangonana?"
   3) Ao amin'ny II Tantara Andriamanitra dia manome antsika raki-pohy ho an'ny fifohazam-panahy. Andao ho jerena ny tontolo manodidina an'ilay Soratra Masina izay mampita ny fepetra takian'Andriamanitra ho an'ny fifohazam-panahy.

2. Ny manodidina ny lahatsoratra:

a. Vao vitan'i Solomona mpanjaka ny fanorenana ny Tempoly
   1) Nasainy nentina tao amin'io fitoeran'Andriamanitra ety an-tany io ireo fanaka rehetra
   2) Farany, dia nentina tao amin'ny Tempoly ny Fiaran'ny Fanekena
   3) Fenon'ny Voninahitr'Andriamanitra ny Temply
      a) Tsy tafiditra tao an-tempoly akory ny mpisorona satria fatratra loatra ny fanatrehan'i Jehovah (II Tantara 5:13-14)
      b) Izay no tena ilain'ny Fiangonana ankehitriny, dia ny tempolintsika fenon'ny fanatrehan'Andriamanitra (dia ny fiangonana sy ny fiainan'ny isam-batan'olona)

b. Manao vavaka fanokanana ny Tempoly i Solomona ao amin'ny II Tantara 6.
   1) Fantatr'i Solomona fa tsy maintsy hanota ny vahoakan'Isiraely
   2) Mangataka Solomona mba hamelan'Andriamanitra ny otan'izy ireo rehefa mivavaka ao amin'ny tempoly amin'ny fibebahana marina amin'ny otany izy ireo
   3) Nony vita ny vavak'i Solomona, dia nisy afo nilatsaka avy tany an-danitra ary nandevona ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa, ary feno ny voninahitr'i Jehovah ny tempoly.
   4) Ireo Nazareana voalohany dia nangataka mba hilatsaka eo amin'ny fiainan'izy ireo sy eo amin'ny fiarahany mivavaka ny Voninahitr'Andriamanitra. Tena mila ny filatsahan'ny afo indray ny Fiangonana – mba ahitana ahitana ny fisehon'ny Voninahitr'i Jehovah eo amin'ny fanatrehantsika.

      Fanamarihana: Mandania fotoana bebe eto hampitana amin'ny olona ny tena ilana fifohazam-panahy ankehitriny. Omeo fanamby izy ireo hikatsaka ny tavan'Andriamanitra amin'ny fifohazam-panahy maneranan'i Afrika.

c. Niseho tamin'i Solomona Jehovah ary namaly ny fangatahany famelan-keloka ho an'ny olona sy famerenana amin'ny laoniny ny taniny. Satria tena mila izany koa isika amin'izao fotoana izao, dia andao jerena tsara ny valin-tenin'Andriamanitra.

3. Ny Fampanantenana fifohazam-panahy:

a. Raki-pohin'ny fifohazam-panahy: Rehefa niseho tamin'i Solomona i Jehovah ny alina, dia nomeny azy ny raki-pohin'ny fifohazam-panahy, ka hoy izy hoe: "**Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako** ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny."
    1) Natao tamin'ny Isiraely, vahoakan'Andriamanitra, izany fampanantenana izany. Ny Fiangonana, kosa anefa no vahoakan'Andriamanitra, amin'ny tena izy amin'izao fotoana izao. Kristiana no iantsoana ireo izay nantsoina amin'ny Anarany. Ho antsika amin'izao fotoana izao ihany koa io fampanantenana izay natao tamin'ny Isiraely tao maro lasa io.
    2) Misy "RAHA"manangasanga eo am-piandohan'ilay fampanantenana
        a) RAHA misakafo amin'ny antonony sy mampiasa vatana tsara isika, dia hihena. FA RAHA tsy manao izany kosa isika, dia hiha-matavy sy malemy ny vatantsika
        b) RAHA hambolentsika amin'ny fotoanany ny volintsika ary RAHA misy orana, dia ho be ny vokatra azontsika. FA RAHA tsy amin'ny fotoana mety kosa no ambolentsika ny volintsika, ka tsy avy ny orana, dia tsy ho tsara ny vokatra ho azontsika.
        c) Marina koa izany eto. RAHA manao ny anjarantsika isika, dia hanao ny Anjarany Andriamanitra, FA RAHA tsy manao ny anjarantsika kosa isika, dia tsy hanao ny anjarany Andriamanitra.

        "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, **dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny."**

b. Ny anjaran'Andriamanitra –NY FAMPANANTENANA FIFOHAZAM-PANAHY
    1) Hihaino ny vavaka ataontsika Izy
    2) Hamela ny helontsika Izy
    3) Hanasitrana ny tanintsika (fiarahamonina, firenena, Fiangonana) Izy.
    4) Izany no fampanantenan'Andriamanitra – hamerina amin'ny laoniny ny fiainantsika sy ny Fiangonantsika Izy, raha mahafeno ny fepetra izay napetrany isika.
    5) Miandry fifohazam-panahy isika, fa miandry antsika koa ny fifohazam-panahy. Hiseho ny fifohazam-panahy rehefa mahafeno ny fepetra nomen'Andriamanitra antsika isika.

    "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho **avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony**, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny."

c. Ny anjarantsika – NY FEPETRAN'NY FIFOHAZAM-PANAHY:
    1) Hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako
        a) Ny hoe manetry tena dia midika hoe: lasa miankina; manambany na mampidina ny tenantsika
        b) Voalohany, dia toe-po izay mandray ny tenantsika ho tsinontsinona eo anatrehan'i Jehovah io; fiankinana tanteraka Aminy. Ny fitadiavana ny tavan'Andriamanitra dia mitaky fiankinana tanteraka Aminy
        c) Nataon'ny vahoakan'Andriamanitra tao amin'ny Testamenta Taloha ho fomba hanetre-tena eo anatrehan'Andriamanitra sy hitadiavana ny fankasitrahany ny vavaka sy fifadian-kanina (Jereo Salamo 35: 13 sy Daniela 9:3)
        d) Nataon'ny Fiangonana ao amin'ny Testamenta Vaovao hitadiavana ny sitrapon'Andriamanitra sy fitahiana eo amin'ny fiainan'izy ireo ny vavaka sy fifadian-kanina (Jereo Asa 14:23)
        e) Rehefa tsy misakafo isika mandritra ny fotoana voafetra, dia mampita amin'Andriamanitra fa Izy no iriantsika mihoatra noho ny haitraitra sy ny fahafinaretana eo amin'ny fiainantsika; saingy tsy misy dikany ny fifadian-kanina tsy misy fibebahana.
    2) Mibebaka: mila miala amin'ny ratsy fanaontsika isika (dia ireo zavatra izay tsy mahafaly an'Andriamanitra)
        a) Resaho ny sasany amin'ireo zavatra tsy ankasitrahan'Andriamanitra izay atao na tsy raharahiana eo amin'ny fiarahamonina sy fiangonana misy anao, ary omeo fanamby ny olona hiala amin'ireo zavatra ireo ka hankato an'Andriamanitra.
        b) Ny tena Fifadiana marina izay ankasitrahan'Andriamanitra sy manetsika ny Tanany dia avy amin'ny olona izay miala amin'ny otany ary mandeha amin'ny fankatoavana ny Didiny sy ny Lalany (Jereo Isaia 58). Azavao ny dikan'io toko io.

4. Ohatra – Charles Finney – Evanjelistra Amerikana tamin'ny Taonjato faha-19 izay nampiasain'Andriamanitra nandritry ny Fifohazana Lehibe Faharoa tany Amerika.

a. Nitory tamin'ny hosotry ny Fanahy Masina lehibe i Finney
    1) Tamin'ny fivoriam-pifohazam-panahy izay nitoriany teny dia resy lahatry ny Fanahy Masina tanteraka ny olona ka niazakazaka teny amin'ny alitara ka nino fa ho faty eo no ho eo izy ireo raha tsy nibebaka sy nitady ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra.
    2) Indray mandeha raha nitarika andiam-pivoriana hariva ho amin'ny fifohazam-panahy izy, dia nanapa-kevitra ny hitsidika orinasa ny atoandro mba hijery fitaovana nahodina ao amin'ny ozinina. Rehefa nentin'ilay mpitantanana orinasa nijery ny toerana misy ny entana vita, izay misy mpiasa sahirana miasa manambatra ny entana izy, dia nisy mpiasa vehivavy iray nianjera tamin'ny tany avy eny amin'ny sezany sady nitaraina mafy toy ny hoe narary. Nisy mpiasa hafa koa niankohoka tamin'ny tany, ary mpiasa iray hafa nandra-pitsahatry ny asa rehetra tao amin'ilay orinasa satria niankohoka tamin'ny tany ny mpiasa tsirairay sady nitomany mafy noho ny fahatsapany ny otany. Tsy voatery niteny i

Finney. Fa nahery loatra ny hosotry ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainany hany ka nahatsapa ny fanatrehan'Andriamanitra ny olona rehefa niditra tao amin'ny efitrano iray izy. Niangavy an'i Finney hiresaka amin'ny mpiasany sy hanafaka azy ireo amin'ny fanaintainana mahazo azy ireo ilay mpitantana orinasa. Nizara an'i Kristy tamin'izy ireo i Finney ary namporisika azy hibebaka amin'ny fahotany ary handray an'i Kristy ho Mpamonjy azy. Voavonjy avokoa ny mpiasa rehetra tao amin'io orinasa io tamin'io andro io.

b. Ny tsiambaratelon'ny fahombiazan'i Finney.

1) Ambaran'i Charles Finney ao amin'ny "autobiographie"-ny fa nisy lehilahy iray nantsoina hoe Mopera Nash izay nandeha matetika tao amin'ny tanana izay hanao fotoam-pivavahana ho amin'ny fifohazam-panahy, Roa herinandro mialohan'ny fotoana voatondro. Mahita Kristiana matotra iray na roa ao amin'ilay tanana izy ary nazoto nivavaka teo anatrehan'i Jehovah ireo. Mifady hanina sy tsy matory i Nash sy ireo mpitondra am-bavaka teo an-toerana, miangavy an'Andriamanitra hanamasina an'i Finney rehefa mitory teny ao amin'ilay tanàna izy ary hitondra fifohazam-panahy amin'ny olona ao amin'ilay faritra. Tsy tonga mitory i Finney raha tsy efa nangataka ny fanamasinan'i Jehovah ny fotoam-pivavahana i Nash. Nilaza i Finney fa na taiza na taiza toerana nialohavan'i Mopera Nash lalana azy sy nangatahany ny fanamasinan'Andriamanitra sy fanahin'ny fandresen-dahatra ho an'ireo olona izay hanatrika ny fotoana, dia nanao asa mahery vaika ny Fanahy Masina. Saingy raha tsy nialoha lalana azy i Nash dia tsy tamin-kery ilay fitoriana ary kely no vita teo amin'ny fiainam-panahin'ny olona.
2) Ny fivavahana sy ny fifadian-kanina nataon'i Nash no tena nampihetsika an'Andriamanitra kokoa fa tsy ny fitoriana nataon'i Finney.

Famaranana: Antso ho amin'ny Fanoloran-tena

Tokony hampatsiahivin'ny mpitandrina ny mpiangona ny filan'izy ireo ny Voninahitr'Andriamanitra amin'izao fotoana izao. Omeo fanamby ny mpiangona hiditra ao anaty fotoam-pifadian-kanina sy vavaka ho an'ny fifohazam-panahy ho amin'ny fahamasinana:

- eo amin'ny fiainany
- eo amin'ny ankohonany
- eo amin'ny fiangonana eo an-toerana misy azy
- eo amin'ny fiarahamonina misy azy
- eo amin'ny Fiangonan'ny Nazareana manerana an'i Afrika
- Ampiasao ny Fandaharam-bavaka mandritra ity fotoana hivavahana ho an'ny faritra manokana eto Afrika sy ny filana manerana ny Faritr'i Afrika.

Nosoratan'i Rev Howie Shute